LOZA VOAJANAHARY

Hitondra fanampiana ho an'ireo traboina ny RMDM

Raha araka ny tarehi-marika farany navoakan'ny BNGRC, na ny Birao Nasionaly mpitantana ny loza sy ny tandindon-doza, mahatratra I20000 latsaka eo amin'izao fotoana ny olona traboina manerana ny nosy, noho ny tondra-drano namely faritra maromaro teto amin'ny Nosy, nanomboka ny herinandro teo. Araka ny vaovao voaray, tsy hitazam-potsiny manoloana ireo voina mahazo ny firenena sy mpiara-belona amin'izao fotoana izao taorinan'ny fandalovan' ilay andro ratsy, fa hitondra fanampiana ho an'ireo tra-boina manerana ny Nosy, ny RMDM, na ny Rodoben' ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, tarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana. Efa eo am-panomanana ny fanampiana hatolotra ho amin'izany izy ireo ankehitriny, na ho vola, na ho zavatra tena ilain'ireo traboina, ka hatolotra mivantana any amin'ireo traboina izany, na homen'izy ireo ny BNGRC ihany koa, izay mpiandraikitra ny traboina eto amintsika.

Ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny RMDM.

Niaina

Depiote Me Hanitra R.

Aleo hanampy ny rehetra afaka manampy ny traboina

Manoloana ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, indrindra momba ny fanampiana ireo traboina, maneho hevitra mahakasika izany ny depiote voafidy tao Antananarivo I, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Me Hanitra Razafimanantsoa :

« Inona daholo ireto fanambarana avoakanareo mpitondra fanjakana izay samy hafa ireto? Any ivelany any, ady amin'ny Coronavirus no malaza , ny eto Madagsikara mbola ady amin'ny olona sy fikambanana te hanampy ny traboina no resahina. Ampitovio aloha ny tadindokanganareo mpitondra fa manakorontana indray. Aoka tsy ho simbaina ny sotoavina malagasy. Aoka hanampy izay afaka hanampy ny traboina, mbola marobe ireo toerana tsy misy mpijery sy mamonjy. Tsy misy hifaninana amin'ny Fanjakana eo fa anjara asanareo io. Ny sisa manampy fotsiny. Fa anjaranareo koa ny misambotra sy manafay ny mpananararaotra indrindra ireo zatra lalan-driri-nina. Aza asiana loko fa Malagasy iray isika. Ny vahiny aza te hanampy koa isika no ho raràna ve raha te hanampy? Izay afaka manampy dia tokony hanatitra izany mivantana amin'ny traboina, na any amin'ny BNGRC, izay birao nasionaly mitantana ny loza sy ny tandindon-doza.

Nangonin'Isambilo

Fanavaozana an'i Mahamasina

Mpandrava marina ny fitondrana Rajoelina fa tsy mpanangana

Efa nolazaina tamin'ity gazety ihany fa ny FIFA, na ny Federasiona Iraisampirenena misahana ny baolina kitra no miantoka ny fanavaozana ny kianjan'i Mahamasina. Firenena maromaro aty Afrika no nomen'ny FIFA fanamboarana kianja toy izao atao ho antsika eto Madagasikara izao. Ny FIFA no miantoka manontolo ny famatsiam-bola, fa ny fandraisana anjaran'ny fitondrana kosa dia ny manomana ny hanamboarana ny kianja, toy ny fandravana izay hanorenana avy eo. Ka voaporofo amin' izao fa mpandrava tokoa ny fitondrana Rajoelina fa tsy mpanangana, ny fotodrafitrasa efa tsara toa an'i Mahamasina no voatery tsy maintsy potehany, azo atao anefa ny nangataka tamin'ny FIFA ny hanamboarana kianja vaovao, mpanangana vaovao izy amin'izay, fa tsy mpandrava toy ny misy ao Mahamasina ankehitriny. Raha tany an-kafa no natao ilay kianja nomena dia mba hanana kianja lehibe roa Antananarivo sy i Madagasikara, fa tsy tokana toa an'i Mahamasina fotsiny, noho ny safidy diso nataon'ny fitondrana Rajoelina.

Araka ny fanadihadiana natao, misy ny manana soso-kevitra ny olona, maninona raha kianja vaovao teny amin'ny faritr'i lavoloha, na Bevalala, na by pass, fa tsy ny vakoka toa an'i Mahamasina no noravana.

Ny fandravana ny ampahany ao amin'ny kianjan'i Mahamasina.

Ny Valosoa

TONONKALO

Tsy miova ny tenin' Ambohitrimanjaka

Ambohitrimanjaka dia mpamboly vary.
(Efa an-taonany maro no fantatra izany.)
Ny tany rehetra ao dia efa voajary.
Ny vary no toky sy fanantenàny .

Ka raha hototofana indray iretsy taniny,
Ahoana ny hoaviny , mba nojerena ?
Sa 'zao ilay ambara fa filàna vaniny,
Ataon'ny mpitondra mpangoron-karena ?

Raha 'zay tendrombohitra na koa ny havoana,
Dia be no azo aetry , azo ovàna ho tanàna.
Ka moa ve tsy 'zao ilay manaonao foana ?
Ny tsara efa vita indray no hosimbana !

Tandremo tandremo ry be atidoha
Sao hadinina anao ny alahelom-bahoaka.
Aza maika fa 'ndeha mieritreritra aloha,
Ny amin'ny « tanamasoandro » tsy mety mipoaka !

Milaza ny hamangy ,hono, ianao ato ho ato .
(Maniry izahay ary tena mirary !)
Kanefa na hiolan-ko vy na ho vato,
"Ny anay tsy totofana ny tanimbary !"

DADAN'i ZINA (26-01-20)

Ny Valosoa sy fakafaka

Kely hery tsy mahatafarina ny fiharatsiam-piarahamonina ny fitondrana

Maneho ny fahasimban'ny fiarahamonina malagasy ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Tafiditra ao anatin'izany ny kolontsaina sy ny soatoavina. Efa mizarazara ny fomba fiheverana noho ny antony samihafa, hany ka voadona hatramin'ny hasina tokony hotandrovina fatratra toy ny anakandriamaso. Miharitra ny voka-dratsin'izany ny rehetra ankehitriny.

Endri-javatra iray vaovao nitranga ny amin'ny fepetra noraisin'ny fanjakana ny amin'ny fandraràna ny olom-pirenena na fikambanana hikarakara hetsika fanangonam-bola na mandray fanomezana ankoatra ny nankatoavin'ny fitondrana ihany dia ny eo anivon'ny biraom-pirenena misahana ny fitantanana ny loza voajanahary. Amin'ny lafiny iray mety ho tsara ihany angamba izany, kanefa maneho ny ahiahy tsy ihavanana amin'ny fisian'ireo efa manana tanana zatra mitsotra eo anivom-piarahamonina malagasy amin'izao fotoana izao izany. Efa maro araka izany ny olon-dratsy tsy menatra intsony amin'ny fanodinkodinana fanomezana toy izany eto amin'ny firenena, ka ezahina ny misoroka azy ireo toy izao. Maneho ny fitomboan'ny ratsy sy ny tsy faharesena azy ireo izany. Midika ho fiharatsian'ny fiarahamonina ihany koa izany.

Olana mpiseho eo anivon'ny fiarahamonina Malagasy ihany koa izao, ny amin'ny fahapotehana na faharavan'ny soatoavina. Iza no afaka hilaza mahitsy, fa mbola mihatra ny fahendren'ny Ntaolo hoe: "trano atsimo sy avaratra, izay tsy mahalen-kialofana". Toa tsy vitan'ny ankilany akory ny mikarakara ny andaniny tratry ny voina. Misy hatrany ny fanararaotana ireo fianakaviana iharam-boina amin'ny halatra amin'ny endriny samihafa. Niaraha-nahita ny nanjo ireo olona sy fianakaviana nararaotina tamin'ny hofan-trano midangana be izaitsizy rehefa voatery tsy maintsy miala mifindra-trano ireo mponina tataovan-doza teny Ambanin'Ampamarinana, ohatra. Mety hanamafy ny tsy firaisan-kina ihany koa izao fepetra noraisina izao, satria voatery hiandry ny tomponandraiki-panjakana ny olom-pirenena na olona malala tanana vao hanolotra ny anjara birikiny fanampiana ny mpiara-belona.

Maneho ny fivakisan'ny fiarahamonina izany ary very ny firaisan-kina. Io firaisan-kina io anefa, izay fototra iray lehibe amin'ny fihavanana Malagasy, dia zary ataon'ny fitondrana ankehitriny an-tsirambina sy heveriny ho vitavita ho azy amin'izao fotsiny. F'angaha izy io vitan'ny tenitenenina fotsiny eny andapa na kabary amin'ny lanonana atrehin'ny solontenam-panjakana samihafa. Izany mantsy no ataon'ny fitondrana "aoka isika hiray hina…", dia izay. Efa ela no niverina ny firaisan-kinan'ny Malagasy raha nety izany. Mbola manamafy io an-tsirambina ataon'ny fitondrana amin'ny resaka fihavanana sy firaisan-kina io ny fandrirarirana ny amin'ny anjara birikiny tokony harotsany ao amin'ny filankevitra fampihavanana Malagasy… Hatreto izany, ny fitondrana Rajoelina dia toy ny langilangy zozoro ihany, na toy ny mpitan-damba mihitsy amin'ny fikororoso fahan'ny fivakisam-piarahamonina sy ny tsy fisian'ny firaisan-kina izay tokony ho fototry ny fampandrosoana ny firenena. Tsy atao ho mahagaga raha mihazohazo tsy misy fivoarana ny fiarahamonina sy ny firenena.

Sô'son

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mika R.